

# Ny ANDRAM-PIAINANA IRAISAM-PIRENENA NATAOKO NIARAKA TAMIN'NY ANKIZY MADINIKA

## tao GRANEROS (CHILI)

**Ny tontolon'ireo ankizy madinika dia feno fanam-by sy antso. Tany Chili, nahazo fahasoavana hanao io traikefa io aho tao amin'ny toerana fitaizana zaza madinika antsoina hoe ''akanin'i Kristy".**

**Akany mandray ankizy avy amin'ny fianakaviana marefo. Mitantana, mikolokolo, mampianatra azy ireo amin'ny fampiasana ny pedagojian'i Montessori, izany no asan'ny akany. Manomboka eo amin'ny faha-3 volana hatramin'ny 4 taona ireo ankizy beazin'ny akany. Mba hitantana marina tokoa ireo ankizy araka ny maha-izy azy, dia nanangana ambaratonga telo ny Akanin'i Kristy : ireo faran'izay madinika, madinika sy efa lehibebe. Tao amin'ny fitaizana ireo faran'izay madinika no nisy ahy ka salan-taona 3 volana hatramin'ny 2 taona.**

**Mandray miaraka amin'ireo mpanabe ny ankizy izahay ny maraina manomboka amin'ny 8ora sy sasany. Ny asanay dia manome sakafo azy ireo, mampihira sy milalao miaraka aminy, manampy azy hifandray, hifampiarahaba ohatra. Mivavaka miaraka aminy, manolo ny salakany, manambitamby azy rehefa mitomany, mampianatra manavaka zavatra sy manonona ny anarany ary mandamina izany rehefa afindrany toerana… izany rehetra izany dia am-pitiavana. Toy izany no ihaonanay amin'ny zaza isan'andro.**

**Io fotoana niarahana tamin'izy ireo iny ho ahy dia traikefam-paharetana, fandeferana, fidirana amin'ny tsy fahita, feno fihetseham-po… nianatra nahafantatra azy ireo bebe kokoa, ary nitolagaga tamin'ny fahafantarana ny fon'ny zaza, mahay miady ny ankizy fa indrindra mahay mifamela, mifankahazo,mifanerasera amin'ny fomba fihetsiny.**

**Te hisaotra amin'ny foko manontolo ny Tompo aho, ny Fikambanantsika (ary indrindra ny Prôvinsin'i Chili), ny fitaizana ireo zaza fa raha tsy nisy ireo dia tsy ho afaka niaina na oviana na oviana izay zava-tsarobidy niainako aho.**



**Masera Chimène, avy amin'i Reziô Cameroun**